Pas d'objet

De: Ony Ambinitsaotra <oniambinitsaotra@gmail.com> 22/08/2015 17:44

A: comite@fkmsm.ch

Fianarantsoa,Madagascar,22 Aogositra 2015.

Teolojiana RAHANITRINIONY Mariane
Mpianatra SALT 15 IVORY AVARATRA
sy Pastora RAKOTOSEHENO Arisoa Rambinitsaotra
vadiny vao avy nahavita fanadinana hidirana SALT 16
Tél:0348778159
0349158640
E.mail:oniambinitsaotra@gmail.com (/mail/composeTo/E.mail%3Aoniambinitsaotra@gmail.com)

Ny Fiangonana sy ny Komity FLM Soisa
comite@fkmsm.ch (/mail/composeTo/comite@fkmsm.ch)

ANTONY:Fangatahana vatsi-pianarana amin'ny fianarana eto amin'ny SALT

Tompoko,

Mamangy anareo amin'ny Anaran'ny Jesosy Tompontsika.Izaho izay voalaza anarana etsy ambony dia mpianatra eto amin'ny SALT ary zanaky ny Faritany Fianarantsoa(Isandra)saingy any am-pielezana satria miasa ao amin'ny Synodam-paritany Toamasina izahay mivady.Mana-janaka telo mianadahy izahay,15 taona maka Bacc teo ny lahy voalohany(angataham-bavaka aminareo mba ho afaka).7 taona ny faharoa,5 taona ny fahatelo izany hoe samy mbola mianatra avokoa.Vao nahavita BAT(Bacc en Théologie)teo ny vadiko ary nandray anjara tamin'ny fifaninana hidirana Salt16 andiany manaraka(angataham-bavaka avy aminareo mba ho tafiditra soa aman-tsara).

Isaoranay Madame Felana Rasolondraibe mivady izay nanaiky nanome anay ity adiresy mail-nareo ity,raisinay hoavy amin'ny Jesosy izany,izahay mivady moa dia zanak'i Madame Beby Rasolondraibe(renin'i Madame Felana) ara-panahy,izay manaiky nampiasain'i Jesosy niantoka anay tamin'izahay teo amin'ny STPL Ambatofinandrahana sy Alakamisy Ambohimaha.Hotahian'Andriamanitra indrindra anie ny Reny malalantsika.

Raha ny Synodam-paritany Toamasina manokana dia nitso-drano anay mivady tokoa hianatra saingy nolazainy mazava tsara fa tsy miantoka ny fianaranay izy,nosoratany ao anaty tsodrano izany tsy fiantohany izany.Noho izany dia mianto.tena tanteraka izahay,na dia eo aza ny maha-boursière ahy izay eo amin'ny 250-300.000 Fmg eo ho eo no raisiko isam-bolana rehefa afaka ny Jirama.Izany vola izany dia lany amin'ny:Charbon iray gony,sira+savony+siramamy+vary 20 kapoaka+menaka 1 litre+polycopies dia tapitra.Tsy tafiditra ny écolages ny mpianatra sy ny ambiny rehetra.Ny ordinateur koa aty amin'ny Salt miasa be stria systeme LMD izao no miasa eto amin'ny Salt nefa aho tsy manana.Efa misy "fibre optique"eto amin'ny Salt eto amin'ny faritra misy ny bibliothèque noho izany dia ordinateur portable no tsara

hanana mba hanaovana "recherches".

Araka izany fanazavana maromaro izany dia miangavy anareo an-tanandroa izahay mivady ny mba hamatsianareo anay hanatotosanay ny fianarana satria izahay dia mbola te hianatra na dia efa 48 aza aho izao.

1.750.000fmg ny droit eto amin'ny Salt izay tsy maintsy aloa alohan'ny 20 Septambra taom-pianarana 2015-2016.Taom-pianarana 2016-2017 aho mahazo ny "Bachelor"=licence raha sitrapon'ny Tompo izany hoe mbola handoa droit in-droa aho izany(2015-2016,2016-2017)rehefa azo indray ny Bachelor dia mianatra roa taona hahazo ny masters ka 5.000.000fmg isan-taona ny droit amin'izany.Etsy an-daniny ny fianaran'ireo zanako dia ny fidiran'ireo mpianatra:droit,écolages,fournitures scolaires sy ny sakafonay.

Koa manainga mavesatra tompoko,manantena ny famindramponareo,Jesosy anie hamaly soa anareo tsirairay avy hovoninahitry ny Anarany sy Fiadanana hoantsika koa.Dia manao veloma amin'ny Anaran'ny Jesosy Tompontsika Ilay Andriamanitry ny lavitra sy ny akaiky koa ary manantena valiny tsy ho ela tompoko.